# Ilay Voa Tsara Nafafy 03 Jolay 2018

# 3 Talata jolay

**Tsy hotapahiny ny volotara torotoro, ary tsy hovonoiny ny lahin-jiro manetona, ambara-pamoakany ny rariny ho mpandresy.** Matio 12. 20

**Andriamanitra no aro sy hery ho antsika ; Mpamonjy mora azo indrindra amin'ny fahoriana Izy.**
Salamo 46. 1

### Takelaka iray nosoratan'i Lotera

„Halaviro toy ny areti-mandoza indrindra sy toy ny poizina mahafaty ny miteny hoe : „Nanao fahotana toy izao sy toy izao aho, mankahala ahy Andriamanitra, sahaza ahy ny iharan'ny fahatezeran'ilay Mpitsara".

Fa izao no lazao : „Mpanota aho, ka afaka manana antoka satria ireo mpanota, ireo izay mahatsapa ny fahotany, no tian'Andriamanitra horaisina".

Raha tsy izany mantsy dia tsy hisy olona ho voavonjy, na iray aza. „Fa Andriamanitra nanidy azy rehetra tamin'ny tsy fanekena, mba hamindrany fo amin'izy rehetra" (Romana 11. 32).

Koa raha tena miaiky marina ny fahotanao ianao, mangovitra, sahiran-tsaina ary vesaran'ny tahotra ny fitsarana sy ny helo, dia mahereza, fa Andriamanitra te haneho aminao ny fitiavany sy ny fahasoavany, te hamonjy anao. Ny teny fampanantenana rehetra ataony dia manome antoka antsika fa tsy tiany ny hahafatesan'ny mpanota, satria Andriamanitry ny fiadanana sy ny fahasoavana Izy.

Mitandrema ianao mba tsy ho tafalatsaka anaty hakiviana. Manantenà „na dia efa tsy nisy nanantenana aza" (Romana 4. 18). Satria Jesosy Kristy no dokoteran'ny fo maratra. Te hanarina ireo izay lavo Izy ary tsy te hamono ny „lahin-jiro manetona".

Koa raha labozia mbola mirehitra ianao, aza mamono ny tenanao amin'ny famoizam-po sy ny fahakiviana. Raha zozoro folaka na vaky ianao, aza manapotika tanteraka ny tenanao, fa manatòna an'i Jesosy, Ilay sakaiza mamin'ny fanahy."

*Martin Lotera (1483-1546)*

„Mankanesa atỳ amiko, ianareo rehetra izay miasa fatratra sy mavesatra entana, fa Izaho no hanome anareo fitsaharana" (Matio 11. 28).